



Akademia malagasy

Fotokevitra ho fampiorehana

Andro iray hanandratra kolontsaina mampakatra avo ny firenena malagasy

Rehefa tsapa ankehitriny fa misy fiandrandran'ny Malagasy mba hanana **Andro iraisana ho firavoravoana** mifanitsy amin'ny kolontsaina malagasy manoloana :

- ny toe-javatra izay toa mahavery fanahy mbola velona ny maro,
 - ny maha zava-dehibe ny fijoroana ho firenena manana ny maha izy azy amin'izao andron'ny fanatontoloana izao,
 - ho fahatsiarovana ireo olona niharam-boina sy trangan-javatra samihafa ary nandrafitra ny firenena nefa zary hadinon'ny tantara,
 - ary ho fanehoana ny mahiray ny Malagasy
- dia misy fandraisana teny filamatra, ho amin'io andro io, hoe :

« **Diotaona ! Diofanahy** »

« **Fandio taona miandra majihy** »

Hapetraka ho **21 Marsa** isan-taona izany, izay eo amin'ny kolontsaina malagasy sy ny fitadidiana iombonana dia manambara asaramanitra, alahamady, taombaovao, fararano, fandroana, fifaliana, fandalana ny fanahy no olona, fihavaozan-kasina, fahaterahana vaovao, ka ao anatin'ny firavoravoana tanteraka no enti-maneho izany. Ohatra enti-maneho izany fiombonam-piravoravoana izany ny :

- **fifampiarahabana** : mifampiarahaba sy mifampirary soa ny rehetra ka ny teny ifampiarahabana amin'izany dia hoe : « Sambasamba, Andriamanitra Andriananahary ! Ho arivo tratry ny taona, anie ! Tsy hisara-mianakavy. »
- **harendrina** : atao handroahana ny fanahy ratsy eo amin'ny fiarahamonina tsy hanelingelina ny firavoravoana mandritra ny fandroana.
- **jaka** : nofon-kena avy amin'ny omby novonoina tamin'ny andro fandroana ka nifanateran'ny mpianakavy ho mariky ny fehim-pihavanana ; vola na zavatra hafa atao fanomezana ho solon'izany nofon-kena izany.

- **mifamboatra fihavanana** : ny olona rehetra niady (na inona antony na inona) dia mifamela amin'ny andron'ny fandroana ka mitohy mihavana indray ; ny mpivady nisaraka dia mifampody.

Ny fametrahana an'izany Andro izany dia **anaingana** ny isam-batanolona sy ny isam-baravarana, ny mpiray monina, ny fikambanana, ny sekoly, ny orinasa ary ny orindraraha samy hafa, mba hanandratra kolontsaina mampakatra avo ny firenena.

Ny mety ho endri-panehoana an'izany dia ankinina amin'ny **zara fanahy sy zara hasina** efa eo amin'ny tsirairay avy.

Eto an-drenivohitra, ho fisantarana ny fampioerenana an'io Andro io eo amin'ny tantara, dia hatolotra ho "**tsangambato**" ny horonan-tsarimihetsika mitondra ny lohateny hoe "**Dia 50**" an-dRanorojaona Pélerin Alice - mitantara ny **dia an-tongotra** niaingany tany Andramena - Antsiranana nipaka tany Taolañaro, noho ny tsingerintaona faha-50 nahaterahany - sarimihetsika notontosain-dRandrasana Solo. Hisy ihany koa ny fampirantiana hombana hetsika samihafa, toy ny velakevitra, hira, soradihy, vakodrazana, kabary, tononkalo ...